Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA

LOHA-HEVITRA AMIN'NY HERINANDRO :

« Fa katsaho aloha ny fanjakaNy sy ny fahamarinaNy dia hanampy ho anareo izany rehetra izany » (Mat 6,33)

Talata 12 Mey 2020

Mitarika : Pst Raharinoro Rasoanirina

Loha-hevitra amin'ity andro anio ity : « Vonoy ny momba ny tenanareo izay ety an-tany » (Kolosiana 3,5a)

Fanombohana : Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray, sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena. !

Hira : AMF « ***Ny Fitiavanao*** »

Vavaka (Mpitandrina)

Teny fampidirana momba ny Teny voalahatra ho amin'ny anio.

Hira : 377,1

Vakiteny 1 : Kolosiana 3,1-4

1 Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra.
2 Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany.
3 Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra.
4 Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin'ny voninahitra ianareo.

Fanazavana

Vavaka isan-tokantrano :

- Ho an'ny kristiana tsirairay
- Ho an'ny izan-tokantrano

- Ho an’ny Fiangonana
- Ho an’ny mpanompon’Andriamanitra rehetra : Mpitandrina, Diakonina, Mpiandry, Mpiandraikitra isan-tsampana, sns …

➔ Mba ho maty ny amin’ny ota, mba tsy hanan-kery aminy intsony ny lalàn’ny ota, ka ho kristianina marina, tsy hitenenan-dratsy ny Anaran’Andriamanitra.

➔ Mba ho hita tokoa ny fanavaozana manomboka amin’izao fialàna amin’ny fihibohana izao.

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

Hira : 377, 2-3

Vakiteny 2 : Kolosiana 3,5-11

5 Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay etỳ an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany;
6 fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsi-fanarahana;
7 izany koa no nalehanareo fahiny, fony mbola velona taminy ianareo.
8 Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiafonafonana, lolompo, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin'ny vavanareo.
9 Aza mifandainga ianareo, fa efa narianareo ny toetra taloha mbamin'ny asany; [* Gr. olona]*
10 ary efa notafinareo ny toetra vaovao, izay havaozina ho amin'ny fahalalana tsara araka ny endrik'izay nahary azy. [* Gr. olona]*
11 Fa amin'izany dia tsy misy jentilisa sy Jiosy, na voafora sy tsy voafora, na barbariana sy Skytiana, na andevo sy tsy andevo, fa Kristy no zavatra rehetra sady amin'ny rehetra. [* Gr. Grika]*

Fanazavana

Vavaka isan-tokantrano

- Mba hampahafantarin’ny Tompo ny tsirairay izay ota mbola tokony ho vonoina ao anatiny.
- Mba ho olom-baovao tokoa ny kristianina rehetra, miantso ny Anaran’ny Tompo, ka ho vonona hihaona Aminy raha ho avy eny amin’ny rahon’ny lanitra Izy.
- Mivavaka ho an’ny fianakaviana, na olom-pantatra izay mbola tsy mino, mba hanekeny an’i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy.

Vavaka tarihin’ny Mpitandrina

Hira : 619,2-4

Vakiteny 3 : Kolosiana 3,12-15

12 Koa mitafia famindram-po sy fiantrana,, fahamoram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, fandeferana, araka ny olom-boafidin'Andriamanitra sady masina no malala.
13 Mifandefera,ka mifamelà heloka ianareo, raha misy manana alahelo amin'ny sasany; tahaka ny namelan'ny Tompo ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa. [* Na: (Kristy)]*
14 Ary aoka ho ambonin'izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin'ny fahatanterahana izany.
15 Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanan'i Kristy, fa ho amin'izany no niantsoana anareo ho tena iray; ary aoka ho feno fisaorana ianareo.

Fanazavana

Vavaka isan-tokantrano :

- Mba omen’ny Tompo fo antra ny kristiana manoloana izay mitsangana ho fahavalo.
- Mivavaka ho an’izao tontolo izao mba ho fohazin’Andriamanitra – Mba avelaNy heloka – Mba hafahaNy amin’ny fangejan’ny ota sy ny herin’ny devoly.
- Ho an’ireo mpitondra firenena : mba hampanginan’Andriamanitra ny filan’ny ota ao anatiny, hananany ny fatahorana an’Andriamanitra amin’ny fitantanana ny firenena => hiadanan’ny vahoaka entin’izy ireo avy.

Vavaka tarihin’ny Mpitandrina

Hira : FF1,2

Vakiteny 4 : Kolosiana 3,16-17

16 Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihira amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra.
17 Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora an’Andriamanitra Ray amin'ny alalany.

Fanazavana

Vavaka :

- Ho an’ny marary : Pasteur Rakotonirainy Josoa sy Evelyne vadiny – Pasteur Randriamanantsoa Zozo – Pasteur Raharindranto Falimanana
- Ho an’ireo marary hafa koa fantatry ny tsirairay ; ireo marary eny amin’ny Hopitaly vokatry ny Covid-19 ; ireo mpitsabo rehetra manoloana izao valan’aretina izao. Mba hampitsaharan’Andriamanitra ny fihanaky ny otrikaretina.
- Ireo mana-manjo : mba hampaherezin’ny Fanahin’ny Fampiononana.
- Madagasikara : ny toe-java-misy, ireo vahoaka ao anatin’ny fahoriana sy ny fahantrana, mba ho tsinjovin’ny Tompo.
- Ny fialàna amin’ny fihibohana eto Frantsa : mba hanana fahendrena ny tsirairay.
- Mba hisy fanavaozam-piainana eto amin’izao tontolo izao, aorian’ity valan’aretina ity.

Vavaka tarihin’ny Mpitandrina + Vavaka nampianarin’ny Tompo !

Teny fandravonana : Romana 8,5-8

5 Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy.
6 Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, sy fiadanana
7 satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitry ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn'Andriamanitra, sady tsy hainy akory izany.
8 Ary izay ao amin'ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra.

Hira 444,1-4

TSODRANO :

« *Ary ho an’Izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan’ny voninahiNy amin’ny firavoravoana, ho an’Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin’ny alalan’i Jesoa Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibeazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin’ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena ! »*

Voninahitra ho an’Andriamanitra Ray sy Zanaka ary ny Fanahy Masina, izay efa Azy hatramin’ny taloha indrindra sy ankehitriny ary ho mandrakizay.

Mandehana amin’ny fiadanana ka manompoa ny Tompo.

Isaorana anie Andriamanitra !